FARATSIHO 4

# RAMATOA HITA FATY, NY VADINY IHANY NO NANIRAKA OLONA HAMONO AZY

MARINA IZANY ! 7

## TOMPON-TRANO MIHONO !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7560 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 04 may 2023


FESTIVAL SOMAROHO - 10 TAONA



## HANKALAZAINA MIARAKA AMIN'NY FAHA-20 TAONAN' NY TARIKA WAWA 2

FAHALALAHAN'NY ASA FANAOVAN-GAZETY 7

# NIHEMOTRA EO AMIN'NY LAHARANA FAHA-101 I MADAGASIKARA



(Sary Kelly R.)

ANKOAY VAVY 8



## MANANTENA HIATRIKA NY MONDIAL 2023 ANY VIENNE

## TONGA AO VAKINANKARATRA NY ANDIAM-BALALA 3

FANOMANANA FIFIDIANANA 7

# NAMPIANTSO NY FILOHAN'NY CENI SY NY MINISITRY NY ATITANY NY FILOHA

BASKET - CONFÉRENCE OUEST N1A 8

## TSY TONGA NY MB2ALL ANALAMANGA SY NY SEBAM BOENY







Festival Somaroho-10 taona

# Hankalazaina miaraka amin'ny faha-20 taonan'ny tarika Wawa

Hiavaka be mihitsy ny fankalazana ny festival Somaroho amin'ity taona ity satria feno 10 taona izany hetsika izany. Etsy andanin'izay koa dia feno-20 taona ihany koa ny tarika Wawa izay mpanakanto ngeza mpanafana ity hetsika ity foana hatramin' izay. Araka izany dia mampanantena fety govam-be ho an'ny rehetra ny mpikarakara sy ity mpanakanto ity mandritra izao hetsika izao. Marihina moa fa any Nosy Be Hell ville ny 1 hatramin' ny 13 aogositra izao no hanatanterahana izany. Izany hoe haharitra roa herinandro be izao ary dia hisy fampisehoana foana, hisy karazam-pifaninanana maro be ihany koa. Miresaka ity farany dia tsara koa ny manamarika fa hisy ny lalao goavana hiarahana amin'ny Telma. Lalao hahazoana loka goavana be izy io, toy ny fivahinianana any Nosy Be. Eo koa ny fiara raitra, ny bisikileta, moto ary lelavola. Natao indrindra moa ity lalao ity mba hahafahan'ny rehetra mifety amin'ity hetsika ity avokoa na dia tsy afaka ho any Nosy be aza. Marihina fa ny vola azo amin'ity hetsika ity dia hanaovana "parc" iray ngeza be ao Nosy be.

**Fampisehoana mandramarain'ny andro**

Mandritra ity hetsika ity no ho hankalazaina ny faha-20 taonan'ny tarika Wawa. Hanolotra fampisehoana mandra-maraina ho an'ny rehetra mihitsy ny tarika amin'io hetsika, ka ny 06 aogositra alina hatramin'ny 7 aogositra maraina izy no hanafana ny sehatra. Hohirainy mandritra izany seho hataony izany avokoa ireo hirany nahafantarana azy rehetra tao anatin'izay 20 taona izay. Ambiansy mafana be araka izany no ho hita ao ary hitsondemboka mihitsy ny rehetra amin'io fotoana io. Izay rahateo no nahafantarana an'i Wawa hatramin'izay ka dia amin'izao fankalazana izao dia mbola hitombo avo telo heny amin'izay efa ambiansy nataony hatramin'izay no hatolony. Fa ankoatra azy dia ho avy hanafana izany hetsika izany koa ry Dadi Love, Lico Kininike, Shyn, Denise ary mpanakanto hafa.

**Tanya.R**

Ayo Naej

# Niaiky fa tsy azo atao ny miakanjo mitovy amin'ny miaramila

Niresaka mikasika ny fiantsoana azy teny anivon'ny mpitandro ny filaminana mikasika fitondrana akanjomiaramila i Ayo Naej. Nambarany fa voatazona izy ary ny maraina vao nivoaka ny vala famonjana. Manolona izany dia miantso ny rehetra, tapaka sy namana izy mba tsy hiakanjo ireny fanamiana mpitandro ny filaminana ireny fa voararan'ny lalana izany. Nifona sy niala tsiny tamin'ny mpitandro ny filaminana sy ny mpitondra fanjakana i Ayo Naej ary niaky ny hadisoana tamin'ny fanaovana iny fanamiana iny. Nanao ny asany ny mpitandro ny filaminana satria ny olona tsy polisy sy tsy zandary ary tsy miaramila dia tsy tokony hanao ireny akanjo ireny. Navelan'i Ayo Naej ho fananampanjakana moa ilay akanjo



Lasa fananam-panjakana ilay fanamiana mpitandro filaminana.

na dia ny dadatoany mipetraka any Frantsa aza no nanome izany ho azy. Any mantsy dia amidy tahaka ny akanjo rehetra io fanamiana io. Eto amintsika ihany koa misy saingy andalovan'ny manam-pahefana fotsiny. Araka ny fanampim-panazavana ihany dia avy eny Antsojombe niaraka tamin'i Tence Mena Vadiny izy. Fitafy Komando no nanaovan'ny ekipan'i Tence Mena rehetra nandritra ny fampisehoana ka mba nanaovany ihany koa ny azy. Fandaharam-potoanan'izy ireo tamin' io fotoana io moa ny hizara fanampiana ho an'ny sahirana teny amin'ny 67 ha, ka talohan'izany dia naka sary mba hatao fahatsiarovana niaraka tamin'ilay fanamiana izy. Tsy nampoziny anefa ny zava-nitranga ka voaantso teny amin'ny mpitandro ny filaminana izy ary notazomina teny.


Nambarany fa mitohy ny fanampiana ny sahirana ka ireo manana aretina sy tsy salama kanefa tsy afamanoatra no tena hiompanan'ny fanampiana.

**Tiaray R**

Dadi Love

# Najanona avokoa ny fitetezam-paritra mandritra ny volana mey

Nanapa-kevitra ny hampiato tanteraka ny fiakarany sehatra i Dadi Love mandritra ity volana mey ity. Ny alatsinainy 1 mey teo izy no nanao fanambarana tamin'ny fomba ofisialy izay tsy fahafahany manatanteraka fiakarana an-tsehatra izay. « *Miala tsiny aminareo mpankafy sy mpikarakara fa tsy maintsy maka aina ny tenako amin'ity volana may ity noho ny tsy fahasalamako. Mangataka amin'i Zanahary mba ho salama tsara ka hiverina hanohy ny asa indray* », hoy izy. Araka ny fanazavana nomeny dia niatrika fandidiana izy tamin'ny fiandohan'ny taona teo. Izany hoe nesorina ny vy tamin'ny tongony tapaka iny, ka tsy maintsy natao ny



Noho izy avy niatrika fandidiana dia reraka tato ho ato.

fandidiana. « *Efa salama tsara ny tongotro, tsy misy olana ary efa mitohy tsara ny taolana. Saingy aorian'ny fandidiana fanindroany dia tsy maintsy maka aina tsara. Koa mahatsapa aho fa miha kely ny aiko, ambany be ny tosi-drà ka aleo aloha maka aina tsara mba hahafahana manohy ny asa* », hoy ihany izy.

**Ahemotra**

Raha ny fitantarany tao anatin'ny pejy fesibokiny hatrany dia efa maro ihany ny fiakarana an-tsehatra vitany na tao aza ireo voatery nofoanana noho izay toe-pahasalamany izay. Isaky ny avy miaka-tsehatra izy dia miditra hopitaly hatrany ary tsy tafatsangana raha tsy asiana "serium". Koa izay no nahatonga azy nanapakevitra tanteraka hampiato ny fiakarana an-tsehatra aloha mandritra ny volana mey. "*Mbola hisy fotoana hamerenana ireo tsy vita ary ireo no atao lohalaharana*", hoy ihany izy. Notsindriany fa tsy nisy naniry ny harary toa izao matoa nandray fifanarahana, saingy tratran' ny tsy azo anoharana ny tenany. Koa sady miala tsiny i Dadi Love no mangata-bavaka amin'ny mpankafy rehetra mba hihaona am-pifaliana sy am-pahasalamana amin'izy ireo.

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aza hadinoina ny manokana fotoana hibitsihana mangina hoe "Tiako ianao ry zanako."
Araho oroka malefaka sy teny hoe "ianao no tanana ankavanako."

**Ny Vetso (27.03.16)**

("Never miss an opportunity to tell your child, I love you!")

Nosy Be - Festival Donia

# Ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny andiany faha-28

Hetsika ara-kolontsaina fanandrantana fomba sy kanto malagasy amin'ny alalan'ny mozika ny Festival Donia. Ankoatra ny mpanakanto maro avy amin'ny faritra samihafa manerana ny Nosy dia tonga eto amintsika ihany koa ireo mpanakanto avy any amin'ny Nosy rahavavy sy avy any Afrika. Araka izany dia tsy nijanona ho hetsika ara-kolontsaina fotsiny ny Festival Donia fa natao hisarihana mpizaha tany ihany koa. Miditra amin'ny andiany faha-28 ny hetsika amin'ity taona ity saingy noho ny antony maro samihafa dia nanapa-kevitra ny "Confestin" izay tarihin'ny filoha Sanna Amida fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny hetsika. Araka ny fanadaharam-potoana efa nomanin'ny mpikarakara mantsy dia mandritra ny faran'ny herinandron'ny Pentekosta, dia ny 24 ka hatramin'ny 28 may izao, no saika hanatanterahana azy. Efa tany amin'ny volana janoary tamin'ity taona ity kosa ry zareo no nanomboka niomana tamin'izany. Tsy mbola voafaritra aloha hatreto ny andro sy ny volana hanatanterahana azy fa ny azo antoka dia tsy maintsy hisy ny hetsika. Efa nampanantena izany ihany koa ny mpikarakara tamin'ny andiany faha-27 fa tsy ho faty izany fa vao mainka hihatsara tsy tahaka ny andiany teo aloha rehetra ny Festival Donia.

**Feno 30 taona amin'ny 2024**

Marihina fa ny taona 1994 ny andiany voalohany tamin'ity hetsika Festival Donia ity. Amin'ny 2024 izany no feno 30 taona ary efa miomana amin'izany ny "confestin" amin'izao fotoana izao.. Tamin'ny fotoan'androny dia resy lahatra ny tompon'andaikitry ny tanànan'i Nosy Be sy ny minsiteran'ny kolontsaina fa hanohana ny hetsika. Noho ny fahatongavan'ireo vahiny mpizaha tany dia nohamafisina ihany koa ny ady amin'ny areti-mifindra avy amin'ny firaisana aranofo. Niditra an-tsehatra ny Unicef sy ny SE –CLS. Nampifandrindrana tamin'ny hetsika ara-panatanjahantena ihany koa ny hetsika fa tsy nianona tamin'ny hetsika ara-kolontsaina intsony, ka nisy ny fifaninanana maro samihafa nandraisan'ny tanora ao an-toerana anjara. Samy mahazo tombony amin'ity hetsika ity ny mponin'i Nosy Be rehetra, satria manome vahana ny seha-pihariana hafa ihany koa izy, satria dia manodidina ny 45 000 ka hatramin' ny 55 000 eo ho eo ny olona mijery fampisehoana mandritra ny hetsika.

**Tiaray R**



Taksy môtô

# 500 amin'ny 6 000 no misehatra anatin'ny ara-dalàna

*Nampaneno lakolosy ny Vovonan''ny mpitondra "taxi môtô".*

Miasa ao anatin'ny gaboraraka ny ankamaroan'ireo taksy môtô eto Antananarivo Renivohitra. Araka ny antontan'isa nomen'ny Filohan'ny VMTM (Vovonan'ny Mpitondra Taxi Moto), Ramamonjisoa Fulgence, nandritra ny fivahinianany tamin' ny haino iray teto an-dRenivohitra, dia manodidina ny 6 000 ireo tanora misehatra amin'ny fanaovana ity asa ity ankehitriny, saingy ny 100 amin'ireo ihany no mbola manao ny fanamiana iombonana ary mbola 500 ihany koa ireo manana ny karatra matihanina amin'ny fanaovana ity asa ity. Raha ny nambarany dia mandeha miandalana ny fizarana ny fanamiana ho an'ireo misehatra anatin'ny ara-dalàna, kanefa nanafatra ireo mpanjifa ny tenany mba hisafidy ireo manana karatra maha matihanina rehefa handeha. Tsiahivina fa efa nankatoavin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny fanaovana ity asa fitaterana amin' ny kodiaran-droa ity. Mbola tsy nisy kosa anefa ny famoahana ny fepetra hafa-hafahana manantateraka ny asa. Ny fepetra napetraky ny VMTM no tonga aloha, koa maro amin'ireo mpisehatra no misalasala. Na ny toeram-piantsonana aza mbola tsy ananan'ireo taksy môtô fa eny akaikin'ny toeram-piantsonan'ny taksibe na taksy izy ireo misisika maka toerana. Eo anatrehan'ny tsy fandriam-pahalemana anefa dia ilaina ny manavaka ny vary sy ny tsiparifary. Ny teo anivon'ny VMTM ihany no nilaza fa efa nahatratra jiolahy manao taksy môtô teny Andranomena vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny mpitandro filaminana. Mbola manano sarotra koa ny fitandroana ny lafiny ara-pahasalamana amin'ny fampiasana aro loha ifandimbiasan'ny mpandeha maro anatin'ny iray andro, izay mety hiteraka aretin-koditra. Eo koa ny lafiny ara-ketra sy ny fitsirihana ara-tekinika tokony hojerena toy ny atao amin' ireo mpisehatra amin'ny fitateram-bahoaka rehetra.

**R. Muray**

Adidy ara-ketra

# Nomena torolalana ireo tanora tohanan'ny Fihariana

Mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny fandraharahana ny Fihariana. Nivory niaraka tamin'ny Tale Jeneralin'ny hetra ireo tanora mpandraharaha tohanan'ity fandaharanasa ity, omaly, teny Alarobia. *"Ny hahafahan'ireo tanora miresaka mivantana amin'ny Sampandraharahan'ny Hetra no tena tanjona mba hahafahan'ireto farany milaza ny olana sedrainy eo amin'ny lafiny ara-ketra. Nisy ny fanazavana mikasika ny fepetra fanalefahana ara-ketra sy ny fepetra momba ny seha-pihariana rehetra, indrindra fa ny fandraharahana eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana lovainjafy sy ny tontolo iainana. Nitondrana fanazavana ohatra ny momba ireo karazan-ketra mifanaraka amin'ny seha-pihariana rehetra, toy ny hetra amin' ny vola miditra, ny hetra tambatra, sns, ary nosinganinana manokana tao anatin'izany ny mahakasika ny fizahantany sy ny fitaterana"*, hoy Irina Ramalanjaona, tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny Fihariana. Tsiahivina fa ireto tanora ireto ihany no nihaona tamin'ny Filoham-pirenena teny Iavoloha nandritra ny "Malagasy Youth Business Meeting" notanterahina tamin'ny 17 aprily lasa teo. *"Niainga tamin'ny vinan'ny Filoham-pirenena hanampiana ireo tanora mpandraharaha ity fihaonana ity. Manan-danja amin'ny fampandrosoana ny fandoavana hetra, kanefa ny olana dia tsy mahafantatra ny tokony hataony ireo tanora te hanangana orinasa, eo amin'ny hetra mifanaraka amin'ny fandraharahana ataony"*, hoy Ramiadamahefa Mamitiana, tanora mpandraharaha nandray anjara tamin'ny fihaonana.

*Nihaona tamin'ny Tale Jeneralin'ny hetra teny Alarobia.*

**R. Muray**

Toamasina

# Fokontany roa nahazo jiro isan-tanàna

*"Faly izahay ka tsy hainay ny tsy hisaotra anareo Tompoko. Enga anie hitohy hatrany anaty lalam-pasika ny fametrahanareo jiro manazava ny tanàna ireo. Maro ireo vehivavy mahay mandrary ato anatin'ny fokontanin'i Tanambao Verrerie Rtoa Minisitry ny asa tanana ka miangavy anao izahay mba hijery an'ireo namanay vehivavy manan-talenta ireo sady tsy atahorana izahay "*, hoy ny Renim-pianakaviana nisolo tena an'ireo fokonolona eo amin'ny fokontanin' i Tanambao Verrerie Toamasina ny faran'ny herinandro teo. Fokontany roa no nahazo jiro manazava isan-tanana tao Toamasina Renivohitra. *"Faly sa tsy faly ianareo ? Ho afaka mivarotra hariva avokoa manomboka izao ireo mpivarotra izay voatery nody raha vao maizina ny andro teo aloha. Eny hatramin'ny alim-be aza mbola ho afaka eo foana ianareo. Ilaina kosa ny firaisankinan'ny mpiara-belona hiaro ny fotodrafitrasa sy ny fananana iombonana izay natao ho an'ny fokonolona isam-pokontany. Isaorantsika ny Jirama niasa maraina, antoandro sy hatramin'ny alim-be vao nirehitra toy izao hazavana hitantsika izao ny takamoa. Ny kaominina Ambanivohitr'i Toamasina no mandray antanana ny fandoavana ny jiro lanin'ny isam-pokontany"*, hoy Atoa Rakotonirina Nantenaina, ben'ny tanànan'i Toamasina Renivohitra nandritra ny lahateniny tamin'ireo fokontany roa vao nahazo jiro manazava ny tanàna ireo. Nisaotra ny tale kabinetran'ny minisiteran''ny angovo izay midina ifotony mihosina miaraka amin'ny mpiasa mametraka ny jiro ny sefo fokontany roa tonta nahazo jiro. Nahazo fisaorana tahaka izany koa Rtoa Sophie Ratsiraka, minisitry ny asa tanana, sy Atoa loholon'i Madagasikara ho an'ny faritra Atsinanana sy tapany avaratry ny nosy. Faly ny fokonolona fa ho resy ny tsy fandriam-pahalemana izay tsy nahafahana nody alina hatramin'izay, kanefa dia mazava ny fokontanin'i Tanambao Verrerie sy Andranomadio izao isan-kariva.

**Heriniaina A.**

Andiam-balala

# Tonga ao Vakinankaratra



**Nanomboka tamin'ny alatsinainy ny famonoam-balala tao Ikalamavony.**

Nandalo tao amin'ny faritra Vakinankaratra, izany hoe tao an'Ambohimanabe sy ny fokontany Avaradrano, kaominina Antanimandry, distrikan'Antsirabe II, ny talata lasa teo, ny andiam-balala izay tsy fantatra mazava na avy any Menabe na avy any Ikalamavony. Ny azo antoka dia mila miomana sy miatrika ny tantsaha satria fotoana iakaran'ny vary izao ka raha tsy tiana ho ripaky ny andiam-balala dia tokony handray andraikitra. Ho an'Ikalamavony sy Ambatomainty ary ny manodidina kosa, efa nisy ny fandraisana andraikitra natao tamin'ny famonoana ireo andiam-balala. Araka ny voalazan'ny ben'ny tanànan'Ambatomainty dia efa nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo ary nitohy omaly ny famonoana andiam-balala nataon'ny fitondram-panjakana. Etsy ankilan'izany, nisy ny fanentanana natao sy ny fandraofana ireo valala namidy eny an-tsena, satria efa misy fanafody natao hamono biby ireny valala miraraka amin'ny tany ireny ka tsy tokony hatao sakafo na hohanina intsony. Manohy ny diany mianavaratra kosa ireo andiam-balala ao Ikalamavony raha ny fanazavana voaray hatrany.

**Nath**

Delestazy

# Nitombo ny ora haharetan'ny fahatapahan-jiro

Tsy mbola milamina mihitsy ny olana mahakasika ny delestazy manerana ny Nosy. Isan'andro, tsy maintsy tapaka foana ny herinaratra ary ifandimbiasana izany. Raha ny zava-misy, toa vao mainka aza niha nahazo hery tao anatin'ny roa herinandro nisehoany izay. Nisy fivoarana, satria raha ora telo teo aloha ny faharetan'ny fahatapahan-jiro, efa lasa ora efatra izy nanomboka omaly. Ary tsy mbola hilamina mihitsy satria tsy eto Antananarivo Renivohitra ihany no ahitana io delestazy isan'andro isan'andro io fa hatrany amin'ny faritra. Ho an'i Toliara manokana, manomboka amin'ny 6 ora hariva hatramin'ny 10 ora alina ny fahatapahan-jiro any an-toerana. Ao Mahajanga kosa, manombola amin'ny 8 ora maraina hatramin'ny 11 ora maraina na amin'ny 2 hatramin'ny 6 ora ny delestazy ary misy aza ireo mitaraina fa mbola maharitra mihoatra ny efa voalaza ny fahatapahan-jiro misy. Ho an'i Toamasina kosa indray, manomboka amin'ny 2 ora eo hatramin'ny 5 ora sasany izany delestazy izany. Ho an'Antsirabe sy Manandona, noho ny halatra tariby sy andrin-jiro no mahatonga ny fahatapahan-jiro any an-toerana. Misy tsy voahaja ihany koa ny fotoana voalazan'ny jirama hanapahana ny herinaratra amin'ny toerana iray ka mampitaraina ny mpanjifa. Zava-doza be ho an'ireo mpiasa tena anefa izany satria tapakandro iray manontolo no tsy afaka manao na inona inona ireo mpandrafitra, mpanao volo, mpanjaitra, mpanefy sy ny maro hafa tsy voatanisa. Olana noho ny tsy fisian'ny solika mavesatra no voalaza tany ampiandohana nahatonga izao delestazy manerana ny Nosy izao. Ny minisitra ankehitriny izay PCA tao amin'ny Jirama nanditra ny taona maro, mizara jiro cobra manerana ny Nosy no ataony mandritra ny fijalian'ny vahoaka.

**Nath**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia... Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-12)

* Machine, kilalao, boky, fanaka, kiraro, debara, lamba. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-8)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-8)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-8)

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy : 1ch ambony, 2ch ambany, wc, dch, sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 541/7-5)

### FORMATION

* Format° coiffure tsisy écolage. Iantohanay ny fitaovana. Tél : 034.93.010.74. (G-BA 530/10-10)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-8)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33.(G-BA 543/20-4)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79 (G-BA 537/10-8)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « coupe *homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 531/10-10)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-6)

Faratsiho

# Ramatoa hita faty, ny vadiny ihany no naniraka olona hamono azy

Ny 19 aprily lasa teo no nahitan'ny olona ny fatin'ity ramatoa iray tokony ho dimampolo taona mahery tao Faratsiho. Fantatra tamin'izany fa mponina avy ao Antanety, kaominina Andranomiady Faratsiho ilay ramatoa io ka nampandrenesina avy hatrany ny havany. Tamin'ny fanadihadiana natao ihany koa no nahalalana fa maty nisy namono izy. Nandray antanana ny raharaha avy hatrany ny zandary avy ao Faratsiho ka nanomboka ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy. Fantatra tamin'izany fa ny vadin'ilay ramatoa ihany no naniraka olona hamono azy. Raha ny fanazavana azo



Ireo olona voasambotra !

dia matetika miady izy mivady, fifamaliana noho ny tsy fitovian-kevitra. Tamin'ity indray mitoraka ity anefa dia tezitra mafy ilay rangahy ary mety ho efa leo, ka teo no nitsiry ny hevi-dratsiny hampamono ilay vadiny.

**Voasambotra**

Ny rahalahiny ihany sy ny namany iray no nirahiny hanatanteraka izany. Olona roa hafa kosa no namolavola ny fomba namonoana ilay ramatoa, izay tamin'ny fomba feno habibiana. Rehefa maty dia nariany ny fatiny. Ireo roa lahy namolavola ny famonoana ireo ihany no mody nampandre ny sefo fokontany fa misy vehivavy hita faty. Ireo telo lahy namono mivantana kosa efa lasa nitsoaka tany Imerintsiatosika. Rehefa natao ny fikarohana dia voasambotra avokoa izy rehetra ireo. Samy niaiky ny heloka vitany izy ireo tamin' ny famotorana nataon'ny zandary. Omaly no natolotra ny Fampanoavana izy ireo ka samy notanana vonjimaika any am-ponja avokoa.

R. C

Imerintsiatosika

# Ankizilahy nisy namono, natsipy tany anaty rano ny fatiny

Ny alatsinainy lasa teo no nanomboka tsy nahitana ity ankizilahy iray tokony ho dimy ambinifolo taona ity raha niala tao an-tranony tao Imerintsiatosika. Nanao ny fikarohana azy avy hatrany ny havany rehefa tsy nody tao an-tranony izy tamin'io andro io. Nampandrenesina ny mpitandro filaminana. Nisy ihany koa ny filazana fikarohana natao tanaty tambajotran-tserasera. Vokatr'izany, ny talata tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro no nahazo filazana ny havany fa misy faty natsingevan'ny rano ao Antsoronkahitra Imerintsiatosika. Nidina nijery izany haingana ny fianankaviana niaraka tamin'ny zandary. Fantatra tamin'izany fa ilay zazalahy nokarohina tokoa io saingy efa ny fatiny sisa. Rehefa natao ny fizahana dia hita fa maty nisy namono izy, satria nahitana ratra ny lohany ary nivoaka rà ny orony sy ny vavany. Tombanana ho daroka mafy tamin'ny lohany no natao azy ka nitarika ny fahafatesany. Izy efa maty vao natsipy tao anaty rano. Tsy nisy nahita na nahatsikaritra izany anefa ny olona teny amin'ny manodidina. Tsy fantatra araka izany ny olona namono ity ankizilahy ity sy ny antony nanaovana izany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

R. C

Manjakandriana

# Sefo fokontany sy mpandraharaha voatafika, lasa ny vola 3 tapitrisa ariary

Nisehoan'ny fanafihana mitam-pidiana tany amin'ny fokontany Ambohinirina, ao anatin'ny kaominina Ranovao, distrikan'i Manjakandriana, ny alin'ny talata hifoha alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora. Tokantrano roa no lasibatra tamin'io, tranon'ny sefo fokontany sy mpandraharaha ara-toe-karena, ka vola mitentina telo tapitrisa ariary no lasan'ireo jiolahy tamin' izany. Araka ny fanazavana azo dia jiolahy folo nirongo fitaovam-piadiana toy ny basy vita gasy sy zavamaranitra no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Tao amin' ilay ramatoa sefo fokontany ry zalahy no niditra voalohany. Nanao izay fomba nidirana amboletra tao amin'ilay trano izy ireo ary rehefa tafatsofoka dia nambanany tamin'ny fitaovampiadiana nentina ny olona hitany tao.

**Nanapoaka basy**

Tsy vitan'izay fa mbola nodarohan'ireo mpanafika ihany koa ilay voatafika ary rehefa voafehin'izy ireo dia nahazoany vola mitentina iray tapitrisa ariary. Rehefa azon'ireo jiolahy izay tiany nalaina tao dia mbola noteren'ireo jiolahy hitondra azy ireo tany amin'ny tokantranon'ilay mpandraharaha io voatafika io. Toy ny nataony tao amin'ilay trano notafihiny voalohany dia nambanan-dry zalahy tamin' ny fitaovam-piadiana nentiny ny olona tao ary tsy nisy sahy nanohitra ka nahazoan-dry zalahy vola mitentina roa tapitrisa ariary tao. Taorian'izay dia lasa ry zalahy no sady nanapoaka basy natao tifi-danitra nentina nampitahorana ny fokonolona. Raha vao nandre mikasika ny zava-nitranga ny zandary dia tonga nidina ifotony teny an-toerana. Nokarohina avy hatrany ireo jiolahy fa tsy nisy tratra tamin'io. Mitohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

T.H

Ampanihy Andrefana

# Omby halatra 11 tratra niaraka amin'ny basimborona iray



Ireo omby tratra!

Nanao hetsika amin'ny ady amin'ny famotsiana omby halatra sy ny fiparitahan'ny basy tsy ara-dalàna ny zandary avy ao Ampanihy Andrefana. Nahitam- bokany ny fidinana ifotony nataon'ny zandary tao amin'ny kaominina Beahitsy Ampanihy omaly. Omby halatra iraika ambinifolo, tsy nisy taratasy, no tratra niaraka tamin'ny basim-borona iray. Lehilahy iray mpividy sy mpitahiry omby halatra ihany koa no voasambotra. Nanamafy ny zandary fa tsy handefitra mihitsy amin'ny tsy fanarahan-dalàna. Efa mandeha ny fanadihadiana. Mitohy hatrany ihany koa ny ezaka ataon'ny zandary any an-toerana. Fantatra fa anisan'ny mampirongatra ny tsy fandriam-pahalemana ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana, satria saika mitondra basy hatrany ireo jiolahy sy dahalo rehefa manao ny asa ratsiny. Efa manana tambajotra matanjaka ihany koa ireo mpamotsy omby halatra ka ao ireo mpangalatra mivantana, ny mpanao ny taratasy ary ny mpividy izany.

R.C

Irondro Mananjary

# Fanafihana fiara, olona iray maty voafira antsy

Taksibrosy iray no niharan' ny fanafihan-dahalo teo amin' ny lalam-pirenena faha-12 teo amin'ny pk 2,37km Atsimon'Irondro, afak'omaly tokony tamin'ny 9 ora sy sasany alina. Tranga vaovao indray ity niseho tao amin'ny faritra Vatovavy ity ary namoizana ain'olona iray mihitsy izany. Ankoatra io dia olona telo hafa mpandeha tao amin'ilay fiara no naratra mafy voafira antsy. Anisan'izany ny zandary iray sendra mba tsy niasa (en permission), mbola tsy mahatsiaro tena hatramin'izao. Voatsindrona antsy teo amin'ny lohany sy ny vavany izy io. Ireo sasany ihany koa dia mitovy fahavoazana aminy. Fiara mpitatitra olona avy any Vangaindrano hihazo an'i Fianarantsoa no niharan'ny asa ratsy fanakanan-dalana. Olondratsy 10 lahy mirongo antsy sy lefona no nandray anjara tamin'izany, raha ny angom-baovao azonay.

**Fahantrana lalina**

Nobahanan'izy ireo tamin'ny hazo ny arabe. Nijanona moa ilay taksibrosy rehefa nahita izany sady nivoaka ny mpamily sy ny lehilahy tao. Tao anatin'izany no avy hatrany dia norobain'ireo dahalo ireo ary noratrainy. Nisy fiara iray ihany koa avy ao aoriana rehefa nahita an'ilay teo alohany hafahafaha dia nijanona satria nihevitra fa sao misy loza niseho. Nivoaka ihany koa ny olona tao ka teo no tratran'ireto tsy mataho-tody ireto ihany koa. Soa ihany fa afa-nihodina ilay fiara nony avy eo ary tsy voasokatr' ireto dahalo ny fiara fa ny mpandeha voalaza etsy ambony ireo no voa mafy. Tsy mbola fahita ny fanafihana tahaka izao tamin'iny faritra iny fa tsy fandriampahalemana vaovao indray ity. Izao moa no maneho fa mety ho noho ny fahantrana lalina amin'iny toerana iny no mahatonga ny olona sasany hanita-kevitra handoto ny tanànany. Mandeha ny fanadihadiana ny raharaha ka andrasana ny tohiny.

Ariel D.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Sahy**




## Hatsikana an-tsary

**Zazavavin-drano**




## Masoandro Miposaka

**Mpitsara 6 : 37-38**

37 indro, hapetrako
eo amin'ny famoloana
ity volon'ondry iray
manontolo ity, ka raha
ny volon'ondry ihany
no lenan'ny ando, fa
maina ny tany rehetra,
dia ho fantatro
fa ny tanako no
hamonjenao ny
Isiraely araka izay
efa nolazainao.
38 Ary dia nisy izany;
fa nifoha, maraina
koa izy, ka nofiazany
ny volon'ondry, ary
nisy ranon'ando
eran'ny lovia.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* **Nil**

## Ohabolana



**Toy ny vatsin' Andrianalabe, ka tsinjarain-kiombonana ihany.**

Pareil aux provisions (de voyage) du bûcheron : on ne les partage que pour les manger en commun.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2941

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 2 | | | | 1 |
| | | | 1 | | | 5 | | |
| 9 | | | | 8 | 6 | 3 | | |
| | | 6 | | | | | | |
| | | | | | 4 | | 8 | 5 |
| 5 | | | | | 9 | 7 | 2 | |
| 3 | 8 | | 4 | 5 | | | | |
| | | | | | | | 5 | 4 |
| | | | | 1 | | | | |

Valin'ny laharana 2940

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | 2 | 8 | 9 | 4 | 5 | 3 | 1 |
| 3 | 4 | 8 | 1 | 2 | 5 | 6 | 7 | 9 |
| 9 | 5 | 1 | 3 | 7 | 6 | 4 | 2 | 8 |
| 8 | 6 | 4 | 9 | 5 | 7 | 2 | 1 | 3 |
| 7 | 2 | 3 | 4 | 1 | 8 | 9 | 5 | 6 |
| 1 | 9 | 5 | 6 | 3 | 2 | 7 | 8 | 4 |
| 2 | 8 | 9 | 7 | 4 | 1 | 3 | 6 | 5 |
| 4 | 1 | 7 | 5 | 6 | 3 | 8 | 9 | 2 |
| 5 | 3 | 6 | 2 | 8 | 9 | 1 | 4 | 7 |

Fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety

# Nihemotra eo amin'ny laharana faha-101 i Madagasikara

*Nanamafy kosa ny minisitry ny Serasera, Lalatiana Andriantongarivo, fa tsy misy teritery ny asa fanaovan-gazety eto amintsika.*

Toy ny firenen-kafa dia nankalaza ny 3 mey, andro iraisam-pirenena ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety ihany koa isika teto Madagasikara, omaly. Samy nanana ny fomba nanatanterahany izany ny minisitera mpiahy niaraka tamin'ny holafitry ny mpanao gazety sy ireo mpanao gazety zokiolona ary ny firaisamonim-pirenena. Na izany aza dia nitovizana ny hevitra ny amin'ny hoe: asa masina ny asa fanaovan-gazety ka tokony hotandrovina toy ny anakandriamaso ny fanajana ny fitsipika mifehy azy. Raha vantanina dia vaovao voamarina avy amin'ny loharanom-baovao roa, voakasika mivantana na ankolaka farafahakeliny no tokony havoaka haroso ho an'ny mpihaino sy ny mpamaky. Mifanindran-dalana amin'izay fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety izay hatrany, dia namoaka ny vokatry ny fanadihadihany mikasika izany ny "Reporter Sans Frontière". Ho an'i Madagasikara manokana dia very laharana telo isika satria raha faha-98 tamin'ny taona 2022 dia nihemotra eo amin'ny laharana faha 101 amin'ny firenena 180 tamin'ity taona ity. Araka ny fanazavan'io fikambanana tsy miankina iray eo anivon' ny sehatra iraisam-pirenena io dia isan'ny antony nahatonga izany ny fampifangaroana ny asa fanaovan-gazety sy ny politika ary ny fampidirana kolikoly eo amin'izany sehatra izany.

**Eo alohantsika ny Nosy Kaomoro**

Tsy nifanalavitra tamin'izany ihany koa ny hevitry ny ONG Ivorary, izay nilaza fa maro ny orinasan-gazety no tantanan'ny mpanao politika ka mampihena ny fahaleovantena sy tsy fitanilan'izy ireo rehefa mizara vaovao. Eo ihany koa, hoy hatrany io fikambanana tsy miankina io, ny fampitahorana mahazo ireo mpanao gazety mpisintona lakolosy mikasika ireo tranga tsy fanarahandalàna maro samihafa. Na izany na tsy izany, mbola nahazo naoty 56/100 ihany isika eo amin'izay sehatry ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety izay. Eo alohantsika kosa ny Nosy Kaomoro, izay mipetraka eo amin'ny laharana faha75. Ny Nosy Morisy, izay mipetraka eo amin'ny laharana faha 63. Etsy andanin'izany, nilaza ny Minisitry ny Serasera Lalatiana Andriatongarivo nandritra ny hetsika nokarakarainy niaraka tamin'ny holafitry ny mpanao gazety teny Andohatapenaka omaly fa malalaka ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara. *"Tsy ny governementa, tsy ny fitondram-panjakana no ambana amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety ankehitriny fa ny fanaparitahana vaovao diso, tsy amin'ny tambajotran-tserasera ihany fa na ny haino vaky jery aza dia lasa tsy mahataitra intsony ny famoahana vaovao diso"*, hoy ny teniny.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Tompon-trano mihono !

**Arakaraka ny landrandrana vahaolana no toa vao mainka mihamafy ny fahatapahan-jiro. Delestazy izay matetika arahin'ny fahatapahan-drano izay mampiharihary fa mihemotra ny fiainana ara-tsôsialin-dRamalagasy. Ny zavamisy dia tsy misy afa-bela amin'io olana fototra io ny ankamaroan'ny tokantrano eto an-drenivohitra, raha tarafina amin'ny fitarainana sy ny fahasorenana miparitaka eny amin'ny tambajotra sôsialy. Delestazy maharitra adimpamantaranandro maromaro, nefa tsy mifanaka amin'izany velively ny faktiora takiana amin'ny mpanjifa izay midangana dia midangana. Trangan-javatra marihina fa tsy vao izao akory no nitondran'ny mpanjifa fitarainana, saingy ny teo ihany no miverina. Tsy vitsy ny olom-pirenena no manao fanamarihana fa halatra ahazoana alalana no ataon'ny Jirama amin'ny mpanjifa. Amin'ny antony miteraka ny delestazy moa dia azo lazaina ho tompon-trano mihono ny isan-tokantrano satria tsy mahazo fanazavana mahafapo mahakasika izany. Re eny ho eny fotsiny fa tsy fahampian'ny solika hono. Ny hafa milaza fa fahasimban'ny fitaovana mpamokatra herinaratra hono. Ny vokatry ny delestazy anefa iarahan'ny rehetra mahalala fa misy fiantraikany amin'ny fidiram-bolan'ny isan-tokatrano sy ny fianaran'ny mpianatra, indrindra efa ankatoky ny famaranana ny taom-pianarana izao ka hiatrika fanadinana famaranana sy ny fanadinam-panjakana izy ireo. Tsy izay ihany fa antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ihany koa ny fahatapahan-jiro, satria ao anatin'ny haizina no tena manjaka ny jiolahy. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe iniana tsy vahana ve ny olana sa mitombina ny ahiahy ny amin'ny hoe ao anaty fahasahiranana tanteraka ny fanjakana!**

Voahangy Rakotozafy

Fanomanana fifidianana

# Nampiantso ny filohan'ny CENI sy ny minisitry ny Atitany ny Filoha



Fito volana alohan'ny daty naroson'ny CENI hanatanterahana ny fifidianana, miteraka resabe eny amin' ny fokontany sy eny amin'ny tambajotra sôsialy ny tsy fahatomombanan'ny lisipifidianana. Maro no mitaraina fa nanoratra ny anarany, nefa tsy hita ao anatin'ny lisitry ny mpifidy. Misy ihany koa no mitaraina fa mandrirarira ireo mangata-panazavana ny fokontany. Ary tsy olona iray fa matetika fianakaviana iray manontolo mihitsy. Asa, noho io antony io ve no nahatonga ny filoham-pirenena nampiantso ny lehiben'ny vaomiera manokana misahana ny fifidianana sy ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, teny amin'ny lapam-panjakana, ny alatsinainy lasa teo. Na dia tsy nisy nipika aza ny dinika, noho ny fihaonana tsy narahina valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety dia antenaina fa fanomezana toromarika hanatsarana ny fanomanana, mba hisian'ny fifidianana madio no toromarika nomen'ny Filohampirenena ireo olom-panjakana ireo, mba hisorohana ny mety hisian'ny fanoherana izay voka-pifidianana. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia noraisin' ny Filoham-pirenena, teny an-dapa ihany koa ny tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny fitsarana. Fiantsoana heverina ihany koa fa niresahana ny olana mahakasika ny fitsarana izay miteraka resabe tato ho ato, raha tsy hiresaka afatsy ny fisian'ny horonampeo miresaka kolikoly avo lenta, miparitaka eny amin' ny tambajotra sosialy mahavoatonontonona mpitsara. Antenaina fa hitondra fanazavana mahakasika azy ireny ny minisitera, mba tsy ho tompon-trano mihono ny olom-pirenena malagasy!

**V.R.**


Antenimierampirenena

# Hotapahana anio ny lahadiniky ny fivoriana

Andrasana fatratra izay mety ho fizotry ny fivoriana eny anivon'ny Antenimierampirenena taorian'ny fanokafana izany tamin'ny fomba ofisialy. Voatery namehotra anio indray mantsy ny fotoana voatondro fa hanapahana ny lahadiniky ny fivoriana raha tokony ho vita omaly. Ny fivorian'ireo mpikamban'ny Birao maharitra no efa vita, raha mbola nangatahana andro kosa ny fifampidinihana teo amin'ireo filoham-baomiera sy ny fanapahana ny fandaraham-potoana teo anivon'ny Vaomiera itambaram-be. Raha ny zava-nisy teny Tsimbazaza omaly, dia somebiseby izay tsy izy ireo depiote fa nivoaka araka ny fantatra ny tambikarama natokana ho an'ny solika izay hampiasain'izy ireo. Asa moa na variana nilahatra izany sy nanao fetifety ireo solombavambahoaka ka izay no antony nampihemorana ny fanapahana ny lahadiniky ny fivoriana. Marihina fa niantona nandritra ny roa volana ny fandraisan'izy ireo izany. Momba ny fivoriana ara-potoana, dia maro ireo vary mangatsika teo aloha no miandry fankatoavana avy amin'ireo depiote. Araka ny kabary nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena, Rtoa Razanamahasoa Christine, dia isan'ny asa miandry ireo solombavambahoaka ny fandinihana fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany na « code minier ». Hodinihina mandritra ity fivoriana ara- potoana voalohany ity ihany koa ny mikasika ny fandaniana ny volavolandalàna momba ny tetibola-panjakana nasiam-panitsiana "LFR 2023", izay tokony ahitana taratra ny vola hanaovana fifidianana.

**JUDD**


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 506/1-1 04/05/23 Mme VOLA

**FILAZANA**

Iangaviana i RASOANANDRASANA Odette, zanak'i RABETOKOTANY aty Ambohitrimanjaka mba iantso ny laharana 033 79 869 85 na 034 52 131 02

Fa misy ilana azy maika

G-CL504/1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces."

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rallye Motul - Andiany faha-4

# Nahena ny halaviran'ny lalana hifaninanana

*Noezahina nahena ny halavirana hampihenana ny fandaniana.*

Hotanterahina amin'ny 12 - 13 - 14 may ho avy izao ny rallye motul, andiany faha-4. tafiditra amin'ny dingana voalohany amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara izany, ka ny klioba Firaisana Malagasy Mpanao Spaoro Aotomobila sy Moto (FMMSAM) no mpikarakara, iarahany miasa amin'ny motul. Mirefy 278,180 km ny halaviran'ny fifaninanana, ka ny 112,300km amin'io dia dingana manokana (épreuves spéciales) miisa 10. Betsaka ireo fanovana nentina amin'ity, araka ny nambaran'i Robbi Ratahina.



Nandritra ny fampahafantarana ny rallye motul andiany faha-4.

Anisan'izany ny fanamboarana fivilian-dalana, isorohana ny fahasimban'ny fiara. Noezahina nohafohezina ihany koa ny halavirana, hialana amin'ny fandaniana. Ferana tsy hihoatra ny 45 ny isan'ny mpandray anjara, ka andrasana amin'izany avokoa ireo mpanamory sangany rehetra. Ho an'ny mpikarakara dia hamerina ny fahombiazana azo tamin' ireo andiany teo aloha no tanjona ary nampanantena fa tsy ho latsa-danja koa ny amin'ity. «Ny 70% amin'ny lalana dia tsara avokoa fa kely ihany no sarotsarotra. Betsaka ihany koa ireo toerana hahafahan'ny mpijery mankafy, toy ny eo amin'ny "épingle" Ambohimahatsinjo sy Volomborona. Eo koa ny etsy Ambohiboahangy sy Anjeva. Ho fanakaikezany hatrany ireo mpijery sy mpankafy, ny FMMSAM dia nifidy ireo toerana mora hidirany. Toy ny andro roa voalohany dia afaka manaraka akaiky ny es Behitsy-Masindray avy any Ambahimanga, Imerinkasinina, na eo amin'ny tetezana Ginot izy ireo. Afaka mitsofoka aty Mahitsy koa izay te hanatrika ny es Ambohimasina. Miaramiasa amin'ny FMMSAM ny orinasa Design Auto amin' ny alalan'ny marika Motul.

**Rabenaivo**

Kitra - "Orange Pro League"

# Hisy "match d'appui" mandritra ny "Play off"

Hiditra amin'ny "Play off" ny fifaninanana "OPL", taranja baolina kitra. Ampahefadalana avy hatrany no hatao amin'izany, ka amin'ny 13-14 may izao no hanaovana ny lalao mandroso, amin'ny 27-28 may kosa ny lalao miverina. Fanovana kely tamin'ity ny fisian'ny "match d'appui", ka raha mitovy hatrany ny voka-dalao eo amin'ny fihaonana mandroso sy miverina. Hisy ny lalao fanintelony, hotanterahina 72 ora aorian'ny fihaonana faharoa, izay hatao any amin'ny kianja nanaovana io lalao farany



Ireo filohan'ny klioba miaraka amin'ny mpitantana ny CFEM omaly.

io. Raha toa ka mbola sahala dia izay vao miditra amin'ny "tirs au but" hamantarana ny mpandresy, hiakatra amin'ny manasadalana. Amin'ny 10 sy 11 jona no hanaovana ny lalao mandroso ho an'ity dingana ity. Amin'ny 24 jona ny lalao miverina. Amin'ny 2 jolay kosa no hanaovana ny lalao famaranana. Nandritra ny fihaonana tamin'ny mpanao gazety omaly no nanazavan'ny mpitantana ny CFEM fanazavana mahakasika ireo tranga niseho nandritra ny dingana fifanintsanana. Anisan'izany ny fihaonan'ny 3FB sy ny CFFA natao teto Analamanga, izay efa voalamina tao anatin'ny fandaharam-potoana. Mahakasika ny Tsaramandroso Formation indray dia ny "Certificat de conformité" no olana. Toy izao ny fandaharan-dalao amin'ny ampahefa-dalana mandroso Ajesaia # CFFA, Fanalamanga # Elgeco. Disciples FC # Fosa Juniors, Mama # COSFA.

**Rabenaivo**

Atletisma(cross) - ASIEF Analamanga

# Minisitera 9 no nifaninana tetsy Anosy

Tontosa ny alahady lasa teo tetsy amin'ny arabe mihodidina ny farihin'Anosy ny fiadiana ny tompondakan' Analamanga ASIEF, taranja atletisma(cross). Minisitera 9 tamin'ireo 19 no nifaninana, ka nampisalorana ny anarana "Rodoben'ny Firaisankina" ny hetsika. Niaradalana tamin'izany koa ny fifaninanana VTT, nahitana minisitera 3 tamin'ireo 4 mpikambana. Ankoatra ny atletisma, ao anatiny tanteraka ny fifaninanana ho an'ny taranja volley, basket ary ny baolina kitra, ka afaka iray volana sy tapany eo dia hiditra amin'ny dingana famaranana izy ireny, hoy ny SG eo anivon' ny ASIEF, Tahiana Valohery. Ho an'ny taranja lomano indray, efa vita tamin'ny asabotsy teo ny famaranana, natao tetsy amin'ny dobo filomanosan'ny ANS. Nohamafisiny fa mizotra tsara ny fifaninanana, ny fanenjehena mersenera no asa mafy saingy efa miezaka daholo ny mpandray anjara mifanome tanana. Tsy mitsahatra miantso ny mpiasam-panjakana hanao spaoro kosa ny filohan'ny ASIEF, Andrianarison Aimé Botosera, satria dia fanafody tsy vidiam-bola izany. Mahakasika ny fiadiana ny tompondaka nasionaly, izay tanterahina any Toaasina amin'ity andiany ity, nambarany fa efa anatin'ny fanomanana izy ireo. Matihanina ny ekipan'ny ASIEF, hoy izy, ka tsy misy ny ahiana amin' ny fikarakarana. Fonksionera hatramin'ny 20 000 no andrasana any mandritra izany.

**Rabenaivo**

Basket - "Conférence Ouest N1A"

# Tsy tonga nifaninana ny MB2ALL Analamanga sy ny SEBAM Boeny

Nanomboka omaly any amin' ny kianja mitafon'Ampisikina Mahajanga ny lalao savaranonando amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena N1A, ho an'ny "Conférence Ouest", ka tsy hifarana ny fifanintsanana raha tsy amin'ny zoma 5 may 2023. Amin'ny sabotsy 6 may 2023 kosa no hanaovana avy hatrany ny lalao manasadàlana amin'ny fiadiana ny amboaran'ny ligin'i Boeny mpampiantrano ny fifaninanana, ary ny alahady 7 may 2023 no hanaovana ny famaranana. Marihina moa fa tokony ho 6 ny isan'ny ekipa mandray anjara amin' ny fifaninanana "Conférence Ouest", ahitana ny SEBAM Boeny – ASCUT Atsinanana – GNBC Analamanga – MBC Atsinanana – MB2ALL Analamanga – AS Fanalamanga Alaotra Mangoro. Fantatra kosa anefa fa tsy tonga niatrika ny fifaninanana ny ekipan'ny MB2ALL sy ny SEBAM, izay mahavariana ihany fa any anjaridainany no hanaovana ny fifaninanana kanefa dia banga ny toerany. SEBAM izay nahavita dingan-davitra tamin'ny fifaninanam-pirenena 2022. Nisantatra ny fihaonana ny AS Fanalamanga avy any Alaotra Mangoro sy ny MBC Antsiranana, ary namarana ny lalao ny fihaonana teo amin'ny ASCUT Atsinanana sy ny GNBC Analamanga. Tamin'ny nanoratana ny lahatsoratra dia mbola tsy eto am-pelatanana ny vokadalao. Tahaka izao ny fandaharan-dalao manaraka : alakamisy 04 may 2023 / 6 ora : GNBC # MBC ; 8 ora : ASCUT # AS Fanalamanga ; Zoma 05 may 2023 / 6 ora : GNBC # AS Fanalamanga ; 8 ora : MBC # ASCUT.

**aris rafaly**

"FIBA 3X3 Qualifiers"

# Manantena hiatrika ny "Mondial 2023" any Vienne Autriche ny Ankoay vavy



Vonona tanteraka amin'ny fiatrehana ny lalao sakana, hotanterahina any Eliat – Israel amin'ny sabotsy 6 sy alahady 7 mey 2023, ny ekipam-pirenena Ankoay vavy. Efa niondrana nankany amin'ny firenena jiosy ny Ankoay, izay heverina fa efa nigadona any an-toerana amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavana sy fanamarihana nataon'ny mpanazatra Prisca Razananirina, dia misy ny fanantenana amin'ny hahatafita ny ekipam-pirenentsika, hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Vienne renivohitr'i Autriche amin'ny sabotsy 02 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 04 jolay 2023. Ny tetikady entin'ny mpanazatra handresena ny mpifanandrina amin-dry Andriamihajanirina Sydonie Marie Eric (kap) / Jaofera Minaoharisoa Christine / Raherimanana Rondro Emeranchine / Harisoa Muriel Hajanirina, dia ny fahafahana mihetsika sy ny fahakingana eny ambony kianja, izay mifanaraka amin'ny toe-batantsika, ary nohamafisina taorian'ny fiatrehana ny fifaninanampirenena N1A tany Antsirabe. Momba an'izay toe-batana izay indrindra moa dia betsaka no manana ahiahy amin'ny halavan'ireo mpilalao raha mitaha amin'ny mpilalao any ivelany. Marihina moa fa ekipa enina no miatrika ny lalao sakana (match de barrage) any Eliat. Ao anatin'ny Vondrona A no misy an'i Madagasikara, miaraka amin'i Australie sy ny Repoblika Tseky. Lohalaharana ao anatin'ny Vondrona B kosa i Isarel mampiantrano ny lalao, otronin'i Colombie sy Suisse. Aorian'ny fanatanterahana ny lalao manasa-dàlana sy ny famaranana dia ny ekipa mitana ny laharana telo voalohany no ho tafita hiatrika ny "Mondial 2023". Ampahatsiahivina fa talohan'ny nandehanan'ireo delegasionina, notarihan-dRtoa Mihary Randriana, any Israel dia notoloran'ny Groupe Perfect "polo – swet shirt – casquette" ary vatsin-dalana 1000 Euros ireo mpilalao.

**aris rafaly**



Vonona amin'ny lafiny rehetra izy efa-bavy !

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale Jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 064 - 05 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

*Nahandro*

## Korzety atao saosy

**Zavatra ilaina :** korzety, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, kotomila, menaka. **Fikarakarana azy :** Alaina ny korzety. Azo voasana na tsia ny korzety araka izay itiavana azy. Tsara kokoa raha ilay tanora somary madinika ireny dia tsy voasana fa diovina tsara fotsiny. Tetehina boribory. Atao ny saosy voatabia sy tongolo miaraka amin'ny tongolo gasy sy sakamalao voatoto. Arotsaka ny korzety. Tsy asiana rano fa ny sasany ihany. Rehefa miketrika dia haroharoina kely mba hiteradrano. Kendrena tsy ho potika. Tsy atao masaka be. Esorina rehefa masaka ary asiana kotomila voatetika. Azo atao laoka tsara. Mazotoa homana!